# TVM sy RNM
## Mpiasa miisa 8 noroahan'ny ministra Lalatiana R. 7


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 25 avrily 2019 Laharana 902 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**I Korintiana 5: 7** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, Madagasikara 21 aprily 2019

**Fitsapankevi-bahoaka** 3

# Hihinan'IEM amin'izay ny Gasy



**Fanolorana ofisialy kandidà TIM.K25** 3

# Fararanom-bahoaka ny tany Andramasina



**CAN 2019** 6

## Hiatrika lalao fanomanan-tena miisa 3 ny Barea



**CUA** 5

## Nanadio sy nandoko ny kianja basket sy volley ao Mahamasina

**Kandida TIM.K25 Boriborintany faha5** 2

## Tsy manao ambanin-javatra ny lafiny fahasalamam-bahoaka

**Kandida TIM boriborintany faha4** 2

## Nijery ny olana mahazo ny mponina teny amin'ny fokontany Anosimahavelona

**Daka kely**

Lalampanorenana nataon'ialahy ihany no lazain'ialahy fa ratsy ry Boaikely a !

**Kandida TIM.K25 Gerry R.** 2

## Vonona hisolo vava ny vahoakan'Avaradrano



KANDIDA TIM.K25 GERRY R.

## Vonona hisolo vava ny vahoakan'Avaradrano

Mbola nomen'ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fototra Tiako i Madagasikara (TIM) fitokisana, ho kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara ao amin'ny distrikan'Avaradrano, ny depiote teo aloha Gerry Randriambolaina, amin'ny fifidianana depiote ny 27 mey ho avy izao. Nampahafantatra ny tenany amin' ny maha kandida azy tao amin'ny kaominina Alasora izy sy ny mpiray lisitra aminy omaly. Nanome toky izy ireo fa vonona hitondra ny fanevan'ny antoko Tiako i Madagasikara ary hijery ny hetahetan'izy ireo ao amin'ny lapan'ny Antenimierampirenena, izay araka ny MANIFESTO, programan'ny filoha Marc Ravalomanana. Fa efa mivonona amin'ny fiatrehina ny fifidianana izahay hoy ny depiote teo aloha Gerry Randriambolaina, amin'ny fametrahana ireo komity mpanohana isaky ny fokontany manerana ny distrikan'Avaradrano. Eo ihany koa hoy izy ny fanomezana fiofanana ho an'ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato.



*Helisoa*

Kandida TIM.K25 Boriborintany faha5

## Tsy manao ambanin-javatra ny lafiny fahasalamam-bahoaka

Ny fahasalamana tokoa no voalohan-karena, noho izany tsy ataon'ny kandida TIM.K25 Fetra sy Naina Chief ao amin' ny boriboritany faha5 ambanin-javatra ny resaka fahasalamana sy resaka sosialy, izay voasoratra ao anaty MANITESTO programan' asan'ny filoha Marc Ravalomanana . Nitohy omaly tao amin'ny fokontany Morarano sy Ivandry ny fitsaboana sy fanomezana fanafody maimaimpoana ho an'ireo mponina miisa 250 tao antoerana . Natao izao hoy ny kandida Fetra Ralambozafimbololona mba hanalàna fahasahiranana ny mponina noho ny fahalafosan'ny saran'ny fitsaboana ankehitriny. Hitohy hatrany izao asa fitsaboana maimpaimpoana izao hoy ny kandida Naina chief rehefa tonga eny Tsimbazaza izahay, fa tsy hoe rehefa lany dia hipetrapetraka fotsiny tsy hitsinjo ny vahoaka toy izao intsony.

*Helisoa*

Kandida TIM borirorintany faha4

## Nijery ny olana mahazo ny mponina teny amin'ny fokontany Anosimahavelona

Mitohy hatrany ny fidinana ifotony ataon'ny kandida TIM. K25 Ramboasalama Emilien ao amin'ny boriboritany faha 4, mampahafantatra ny mahakandida azy sy mijery ny olana mahazo ny mponina manerana ny fokontany 32 ao anatin'ny boriborintany, ka ny fokontany Anosimahavelona indray no nandalovany afak' omaly. Maro ny olana sedrain'ireo mponina sy ny fikambanana toy ny : Very Asa Malagasy ao amin'ny faritra sasantsasany ao amin'ity fokontany ity, ka nangatahany fanampiana tamin'ny kandida Ramboasalama Emilien . Ao ny tsy fisian'ny jiro ao an-toerana , mahatonga ny tsy fandriampahalemana, izay tena efa mampikaikaika ny mponina . Ny rano fisotro madio , kely ny fantsona mitondra azy , ka ny alina vao mahazo rano . Ny fefiloha tena mila fijerena maika satria tena tandindonin-doza rehefa tonga ny fahavaratra sy ny orambe . Tsy nihambahamba ny kandida Ramboasalama Emilien nanome toky ireo mponina fa hijery ny fomba hanalàna fahasahiranana azy ireo araka izay vitany izy, satria izay no maha solombavambahoaka, mpisolotena ny vahoaka azy . Tsy hanangan-tanana fa hijery sy hamaha ny olana mahazo ny mponina, ka hitondra izany eo amin'ny mpanatanteraka mba ho avadika ho lalàna.

*Helisoa*

CENI

## Hanofanana ny Sampana Mpanisa Vato (SRMV), sy ny birao fandatsaham-bato

Eo am-pamaranana ireo asa fikarakarana ny fifidianana Solombavambahoaka, izay hotanterahana amin'ny 27 mey ho avy izao, ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny fifidianana (CENI) amin'izao fotoana izao. An-dalam-panomanana ny fandefasana ireo antontan-taratasy saropady ilaina amin'ny fifidianana aty Madagasikara avy any Afrika Atsimo izao ny CENI ary miroso indray amin'ny fanofanana ireo hanofana ny mpikambana ao amin'ny Sampana Mpanisa Vato (SRMV), sy ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato amin'ity herinandro ity. Natao ho an'ireo rantsamangaikan'ny CENI any anivon'ny Faritany, Faritra ary Distrika izany fiofanana dingana faharoa izany, izay tohanan'ny tetikasa SACEM, ary atao ny 23 aprily hatramin'ny 03 mey ho avy izao. Miompana indrindra amin'ny fampandehanana sy ny asan'ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato ary ny fikirakirana ny voka-pifidianana eny anivon'ny SRMV ny fampiofanana. Tsiahivina fa ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny CENI sy ny teknisianina tomponandraikitra ary ireo Mpitsara dia efa nofanina talohan'izao. Tsy ny fampandehanana ny asan'ireo mpikambana, isaky ny birao fandatsaham-bato amin'ny fitantanana ny raharaham-pifidianana any amin'ny birao fandatsaham-bato sy ny fikirakirana ny voka-pifidianana ataon'ireo SRMV fotsiny ihany no tanjona amin'ny fanofanana, fa eo ihany koa ny mba hifehezan'izy ireo ny pitsompitsony eo amin'ny andraikiny voalazan'ny didy aman-dalàna manan-kery mifehy ny fifidianana Solombavambahoaka. Ao anatin'izany fampiofanana izany, dia hisy ihany koa sehatra ifampidinihina izay andraisan'ny rehetra anjara, indrindra ireo kandida ho amin'ny fifidianana Solombavambahoaka. Lohahevitra maromaro no hifanakalozana amin'izany, toy ny didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana Solombavambahoaka, ny fikirakirana ny voka-pifidianana, ireo fifanolanana ara-pifidianana ary ny fitsipi-pitondrantenan'ireo kandida. Aorian'ireo fampiofanana ireo dia hisy ihany koa ny atrikasa hanofanana ireo delegen'ny kandidà izay haharitra roa andro, hatao eny anivon'ny renivohiparitany enina. Solontena iray isaky ny kandidà tsy miankina ary solontena iray avy amin' ny antoko politika nanolotra kandidà isaky ny Distrika no handray anjara amin'ity atrikasa ity, izay vatsian'ny EISA (Electoral Institute for Sustainable development in Africa) vola. Ny 6 hatramin'ny 24 mey ho avy izao kosa, no hiroso amin'ny fanofanana eny anivon'ny Kaominina sy ireo mpikambana any amin'ny birao fandatsaham-bato rehetra ary ny sefom-pokontany indray, ireo rantsamangaika miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny SRMV. Aorian'ny fiofanana rehetra dia antenain'ny CENI fa hitovy ireo fahalalàna sy ny fomba fiasan'ireo rantsamangaikany amin'ny fikarakarana ny fifidianana. Hitovy tahaka izany ihany koa ny fahafehezan'ireo mpikambana ao amin'ny SRMV sy ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato ny dingana rehetra amin'ny fanatanterahana ny asa manandrify azy ireo tsirairay. Eo an-daniny, ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo kandidà sy ireo antoko politika amin'ny sehatry ny fanarahamaso ny raharaham-pifidianana amin'ny andron'ny fifidianana. Izany rehetra izany no atao dia mba hahatanteraka ny vinan'ny CENI dia ny «Fifidianana azo antoka sy ara-demokratika".

*Isambilo*

### Ny Valosoa sy fakafaka

## Fitsapankevibahoaka hatao amboletra manitsakitsaka lalampanorenana

Mitohy ihany ny tsy fanarahana sy ny fanitsahana ny Lalàmpanorenana ary atambatra indray , hono, ny fifidianana solombavambahoaka sy ny fitsapankevibahoaka na ny Référendum, hanitsiana ny andininy ao anatin'ny Lalàmpanorenana, na fanovana mihitsy no kasain'ny mpitondra hatao. Ny zavatra tokony ho fantatra anefa dia izany fanovàna, na fanitsiana Lalàm-panorenana izany, tsy kilalaon-jaza na atao tandrametaka fa tsy maintsy hakana ny hevitry ny olona isan-tsokajiny. Izany hoe, mila dinihina amin'ny antsipiriany ary alaina avokoa ny hevitry ny manam-pahaizana, fa indrindra ireo ara-politika, na fiarahamonim-pirenena na sosialy, na aradrazana,... Fahotana mahafaty eo anatrehan'ny lalàna ny fanaovana tsinontsinona ireo Herivelona rehetra ireo. Noho izany mandika lalàna tsotra izao indray ny filoha Andry Rajoelina. Tsaroan'ny vahoaka maro ny nananganany ny Repoblika faha-4 izay narafitra amin'ny tenany manokana nandritra ny Tetezamita. Mitohy indray izany ankehitriny ary amboariny araka izay maha-mety azy. Ny tena manahirana ny mpanara-baovao dia ingahy Andry Rajoelina ihany no mitsipaka ny Lalàm-panorenana faha-4 naoriny. Mazava ankehitriny fa izao vao fantatry ny filoham-pirenena fa nanaotao foana ny tenany nanorina io Lalàm-panorenana sadasada io. Rehefa manao fianianana ny filoham-pirenena dia manambara ampahibemaso fa hanaja toy ny anakandriamaso ny Lalàm-panorenana. Tsy azo atao ny manao amboletra ny fahefana eo ampelatanana rehefa mitondra firenena. Manaraka dia mila fotoana ny fanaikana ny olona hifidy fitsapankevibahoaka fa tsy atao terivaimanta tahaka izao. Izao no midika fa fanitsahana ankitsirano ny Lalàmpanorenana ary manao zinona ny vahoaka tsy miteny ny fitondrana misy ankehitriny.

*Rajaonarimpanontsana*

Filoha Rajoelina

## Mihen-danja ny fitiavan'ny olona azy

Miaka-peo avokoa ny antokon'olona na avy aiza no misy azy, na inona antoko politika sy fikambanana ijoroany. Ny antony dia mamboly korontana ara-politika indray ny filohampirenena Andry Rajoelina, amin'ny fanovàna ny Lalàm-panorenana, ka hanaovana fitsapahankevibahoaka amboletra afaka iray volana mahery kely. Tsy ilay fanovàna no mahatezitra ny vahoaka fa ilay terivaimanta , amboletra amin'ny fanatanterahana izany. Tsy misy akory fakan-kevitra fa dia tian-kano tsy tiankano fotsiny tsotra izao. Ny Lalàm-panorenana naoriny ihany no itsakitsahany an-tampon'ny loha ary na ireo mpiara-dia aminy aza efa toa miala tsikelikely, tsy ahitan-teny firy ankoatra ny minisitry ny serasera sady mpitondra teny sao halam-bahoaka. Any anaty tambazotran-tserasera rehetra sy any amin'ny haino aman-jery isan-tsokajiny dia samy maneho hevitra avokoa ny olona milaza ny fahitany ny fiainam-pirenena . Betsaka no mahatsapa fa voafitaky ny filoham-pirenena satria ny lazain'ny vavany hafa ary izay ataony mifanohitra amin'izany. Raisina ohatra ny fifanatrehan'ny kandida roa nandritra ny fampielezan-kevitra tao amin'ny TVM sy RNM tamin'ny taona lasa, mazava tsara ny nambarany fa tsy hanova io lalampanorenana io raha izy no voafidy ho filoham-pirenena. Ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana kosa anefa dia nilaza mazava tsara tsy ampihambahambana fa tsy maintsy amboarina io lalàmpanorenana sadasada io satria Lalàmpanorenana tsy mitondra mankany amin'ny fampandrosoana, saingy tsy maintsy manaraka ny lalàna kosa ny fanaovana izany, mandalo an-tanan-tohatra maro ary hakana ny hevitry ny ankolafin-kery samihafa. Ho avy indray ity ny habobo masiso amin'ilay tatitry ny zato andro tanterahana etsy amin'ny Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahan-tena etsy Mahamasina ny alahady 28 aprily ho avy izao. Dia ireo bolokiny sisa no terena hameno ny kianja hitehaka fa ny vahoaka efa manomboka tofoky ny famitahana. Izany no ilazana fa efa tena mihendanja ny kaontin'i Andry Rajoelina.

*Rajaonarimpanontsana*

Ny Valosoa sy hadihady

# Fitsapankevi-bahoaka : manomboka hihinan'IEM amin'izay ny Gasy

Ho tapitra tsy ho ela ny zato andro nomen'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, hitsapana ny fahaizamanaon'ireo mpikambana ao amin'ny governemanta momba ny fanatanterahana ny finiavana « IEM » sy ireo « velirano » nataony tamin'ny vahoaka Malagasy nandritra ny fampielezankevitra tamin'ny fifidianana filoham-pirenena, fihodinana faharoa.
Rehefa atao ny tomban'ny zava-bita dia tsy misy zavatra misongadina sy azo tsapain-tànana fa fanasongadinan-tena sy fisehosehoana mba hamafàna ny dian-tànan'ny filoha nodimbiasana eo amin'ny lafiny tsara no azo ilazàna ny fihetsiketsehana rehetra. Tsy ny làlana Ambilobe-Vohémar no nametrahana vato fehizoro satria ny filoha teo aloha, Rajaonarimampianina Hery, dia efa nanao izany talohan'ny nametrahany fialàna. Ny sinoa ihany koa no efa nanao fifanarahana tamin'izany fa hamatsy vola. Ny làlam-pirenena faha-44 no efa nanaovan-dRajoelina Andry velirano tamin'ny mponina any amin'ny distrikan' Ambatondrazaka fa hamboariny rehefa lany izy. Azo antoka fa tsy mbola nahita firenena avy any ivelany na mpiaramiombonantoka hamatsy vola ny fanamboarana ity làlana ity ny filohan'ny Repoblika ankehitriny, ka naleony nisavika izay efa azo antoka fa tsy maintsy ho tanteraka. Tompondaka ihany koa Rajoelina Andry raha ny fivoahana any ivelany satria miisa efatra izany tao anatin'ny roa volana. Nisongadina sy nirehareha ny hihavian'ny Papa François amin'ny volana septambra, ka hananganana kolizeôma handaniana vola be mihitsy, hanaovana Lamesa lehibe kanefa dia telo andro na efarana no hijanonan'ity filohan'ny finoana Katôlika ity eto Madagasikara. Ny fahantran'ny vahoaka entiny anefa tsy mbola misy fanafany ary tsy mitsaha-mitombo andro aman'alina. Tonga tokoa ny "vary mora" kanefa tsy mahavita sakafo roa andro akory no mba azo vidiana satria tsy miohatry ny dimy kilao isaky ny karnem-pokontany. Nahazo trano vy ny fianakaviana vitsivitsy etsy "La Réunion kely" kanefa tsy mazava ny fepetra nisafidianana azy ireo. Mirongatra izay tsy izy ny asan-dahalo sy ny asanjiolahy tsy any ambanivohitra ihany fa eny an-tanàn-dehibe ihany koa, ka mandry tsy lavoloha ny Gasy. Vahaolana maharitra ho an'ny mponina rehetra manerana ny Nosy no takian'izao vanim-potoana izao ary izany rahateo, hono, no voarakitra ao amin'ilay "finiavana hanandratra an'i Madagasikara" (IEM). Miseho koa ny fanoherana ny mpitandro ny filaminana ary ny farany fantatra dia ilay fanafihana ny kaomisarian'ny polisim-pirenena sy nandorana ny trano fonenan'ireto mpitandro ny filamninana ireto tany Maroantsetra. Midika sy mampiseho fa tsy natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany intsony no fiheveran'ny mponina ny mpitandro ny filaminana fa raisiny ho toy ny fahavalo. Rehefa atao ny tambatra dia toa miverina any amin'ny folo taona lasa ny toe-draharaha eto Madagasikara satria tsy misy fifampifehezana intsony fa samy manao izay tiany. Nahazo fahefana rehetra tokoa Rajoelina Andry taorian'ny nanomezan'ny tao amin'ny antenimierampirenena azy ny fahafahana manao lalàna amin'ny alàlan'ny didy hitsivolana. Izy mihitsy no malaza amin'ny fitenenana fa tany tan-dalàna ny eto Madagasikara kanefa dia vaky am-bantsilana izao ny fanitsakitsahana ny lalàmpanorenana izay izy sy ny ekipany tamin'ny tetezamita ihany no nandrafitra sy nampandany izay iainana amin'izao fotoana izao. Mba ho fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy, hono, no anton'ny hanendrena governora ny amin'ny Faritra ka ny andininy mikasika izany no anisan'ny ho kitihana sy hangalàna ny hevitry ny vahoaka. Raha ny fantatra dia olomboafidin'ny vahoaka no filohan'ny ambaratongam-pitantànana any amin'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana kanefa dia ho olom-boatendry ny governora. Araka izany dia tsy fitsinjaram-pahefana ( decentralization) no hisy fa fanapariaham-pahefana (déconcentration). Efa hita taratra tamin'ny fanendrena sefom-pokontany izany satria raha ny ara-dalàna dia eo ambany fiadidian'ny kaominina ny fokontany kanefa dia mivadika ho eo ambany fiadidian'ny distrika izay mifanohitra amin'ny làlan-tsaina fitsinjaram-pahefana ary indrindra mifanohitra amin'ny lalàmpanorenan'ny tetezamita (Repoblika IV) ihany koa. Anisan'ny andrim-panjakana voarakitra ao anatin'io lalàmpanorenana io ihany koa ny Antenimierandoholona kanefa dia ho foanana ihany koa, hono, satria rafitra mpandany vola be. Ny marina anefa dia nisy nikasa nanao fanonganana anatiny ny birao maharitry ity andrimpanjakana ity saingy tsy nahomby izany, ka rehefa nihaona tamin'ny filohan'ny Repoblika ireo mpikotrika ny fanonganana dia nahita fa izay no tetika azo antoka fa hahomby indrindra ary namoahana didy hitsivolana hakàna ny hevitry ny vahoaka amin'ny fanekeny na tsia izany fanitsiana izany. Misy mpahay lalàna maro be ao amin'io fitondrana io kanefa dia sahy manitsakitsaka lalàna satria tsy afaka mandà izy ireo fa 90 andro mialoha no hiantsoana ny vahoaka hifidy kanefa dia iray volana mahery kely no hanaovana izany. Tsy mahagaga loatra izao tetika politika masiso izao satria mampahatsiahy izay nitranga tamin'ny tetezamita teo amin'ny fampiharana ny "Tondro Zotra". Koa miomàna amin'izay ry Gasy mora mionona, tsy mahay manavaka ny ratsy sy ny tsara ary mpandàla ny "izay mahasoa ataon'Andriamanitra" fa higoka sy hihinan'IEM manomboka izao.

***Andry Tsiavalona***

**Fanolorana ofisialy kandidà TIM.K25**

## Fararanom-bahoaka ny tany Andramasina

Tonga tany amin'ny distrikan'Andramasina faritra Analamanga ny filoha Marc Ravalomanana, nanolotra tamin'ny fomba ofisialy ny kandida depioten'ny antoko Tiako i Madagasikara ao an-toerana dia Andriamatoa Bina, izay ben'ny tanànan'ny kaominina Alarobia Vatosola. Fararanom-bahoaka sy tena nangorompotsy ny tany an-toerana nandritra izany. Faly aho hoy ny filoha Marc Ravalomanana fa mihaona aminareo vahoaka eto amin'ny distrikan'Andramasina indray . Fotoana iray



nahafahako nanolotra tamin' ny fomba ofisialy ny kandida ho solombavabahoakana eto amin'ity distrika ity. Namafisin'i Dada fa tsy ho mpanangan-tanana ny depiote TIM fa tsy maintsy ny tombontsoa ho an'ny vahoaka no hatao laharam-pahamehana, ny lalàna ho volavolainy dia tena ho tolo-dalàna mitsinjo ny tombontsoam-bahoaka sy ny firenena. Nasiany resaka ny fitsapankevibahoaka kasain'ny mpitondra hatao ny 27 mey koa, amboletra sy fanitsakitsahana ny lalampanorenana ny fanaovana an'izany hoy ny filoha nasionalin'ny antoko TIM.

***Helisoa***

Fifidianana depiote

## Misy ministra mandika lalàna

Mamatsapatsaka sady miakapofona mihitsy ny minisitry ny serasera sady mpitondra tenin'ny governemanta Lalatiana Rakotondrazafy, raha nasaina niaro tena mahakasika ny fanaovana fitsapankevibahoaka ary dia ny filoha, Marc Ravalomanana indray no ni-antefan'ny fanakianany be fahatany ary notononina manokana. Mbola mipetraka ho mpanao gazety mpamakafaka ha- trany ny fanazavany, fa tsy mba mijanona amin' ny maha tompon'andraiki-panjakana azy. Laza-ina fa fitsisiana no atao ka ny 33 miliara ariary ho an'ny Antanimierandoholona no antony hanafoanana azy. Vola tokony hanaovana trano fianarana na tobimpitsabo-ana dia lany ho an'ny Senatera fotsiny , araka ny nambarany hatrany. Fanamafisana ny fahefana any amin' ny vondrom-bahoakam-paritra , hono, no hatao. Nohamafisiny koa fa tokony hiova toetsaina hanaja ny lalàna ny vahoaka Malagasy. Samy miara-mahita isika izao fa ireo minisitra sasany ange ka mandika lalàna sahady manatrika ny fitsidiham-paritra ataon'ireo kandidam-panjakana toy ny TGV/MAPAR ary ny IRD, mialohan'ny fifidianana solombavambahoaka ho avy. Vola avy aiza koa ary fitaovan'iza àry no ampiasain'izy ireo? Mandika lalàna sa tsia izy ireo? Mbola volan'iza koa no nividianana ny vary mora izay misy ny sainam-pirenena Malagasy, kanefa ry zareo avy ao amin' ny MAPAR no miandraikitra ny fivarotana azy any amin'ny faritra sasany? Ara-dalàna koa angamba izany. Rehefa dinihana ity fitsapankevibahoaka maimaika "mora" ity dia fa- namafisana sy fampitomboana ny fahefana eo am-pelatan'ny filoham-pirenena no ao ambadika, fa tsy hitondra fampandrosoana ny firenena velively. Te hanao propagandy ho an'ireo kandidà depiote TGV/MAPAR/IRD koa Rajoelina nefa tsy afaka dia fitsapankevibahoaka no kasaina hatao hahafahany manao fampielezan-kevitra ankolaka na mivantana ho an'ireo kandidà depiote-ny ireo.

***Rajaonarimpanontsana***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mbola tsy nisy izany fitsapankevibahoaka sy fifidianana depiote miaraka izany

**Andriamihaja Kevin :** maika maika maika ! Loza ity marina, aleo tsy asiana resaka maro fa dia ho hita indray ny ataon'ity HCC ity ! Firenena iza manerana izao tontolo izao no nisy hoe : miaraka ny fifidianana Tsia na eny @ fanovàna ny andininy ao @ lalampanorenana sy fifidianana solombavambahoaka? Manaraka vaovao iraisam-pirenena ny tena fa tsy mbola nisy firenena nanafangaro fifidianana lalampanorenana sy solombavambahoaka ! Toy ny anakandria-maso mihitsy izany lalampanorenana izany ka tsy tokony hafangaro.

**Hoby Ramanohisoa :** ka hoe mitsitsy vola hono e...mampihomehy.

**Andriamihaja Kevin :** tsy fanaon'ny firenena maneran-tany, na firenena mahantra, na efa mandroso ny fifangaroan'ny fifidianana lalampanorenana @ fifidianana hafa.

**Hoby Ramanohisoa :** marina zany fa izy ny eo amin'ny toerana dia hanjakany ny tanàna..sady fanapahan- kevitra tampoka loatra.

**Rahtnna Stéphanie :** ry fanatisme ts maints manao oui Mr , Hcc v ? azo raisina sy mitombona kah.

**Sahondra Mampionona Sue :** mfatfat kwely mits oa ty fitondrana an lodge 13 ty. Toratoran' ny hehy foana iaho amin'ny zavatra ataotao foana ataony.

**Mamitianahery Andrianasolomanana :** firenen entin'n mpitondr mitarik hampahantra.

**Andriamihaja Kevin :** kitikitihana @ izay fotoana tiana hanovàna azy ny lalam-panorenana ! Tena mihaiky aho an!

**Mamitianahery Andrianasolomanana :** ny veliran nataon kay t@ vahin. Ny lem veliran amin'ny vahiny aloha vao gasy, d lay gasy nifidy aza va re mahatsapa izany eh?

**Hugh Randria :** didy tsy azo ivalozana:

1)mifanaraka @ lalampanorenana ny fanaovana io fitsapankevibahoaka io.

2)efa mandresy avy hatrany ny ENY satria nampandresy an-drajoelina t@ 1er tour sy 2em tour aza vitan-dry zalahy.

TONONKALO

### HO SOLOMBAVA VILAM-BAVA ?

Mba olona mihevitra ny hanao lalàna
Kanefa dia mihoatra ny fefy sahady ?
Mba fantapantaro ny lalan-kombana
Sao lahy ianao io ilay mpamarina an-kady !

Mba olona mihevitra ny hanao lalàna
Kanefa vao miainga dia tia lalam-poza ?
Tsy hisy eto akory izay hoe fiovana,
Fa lasa ny antambo dia tonga ny loza !

Mba olona mihevitra ny hanao lalàna
Kanefa dia tia lalam-be mikitoana ?
Mba mieritrereta fa sao igagàna
Raha `zao dia efa hita ho mpanaonao foana !

Mba olona mihevitra ny hanao lalàna
Kanefa miketrika zava- tsy mety ?
Mba mahimahina ry mpiray tanàna
Sao ireny ilay zatra ny mandray malety !

***SEDERA RAVALISON (22-04-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny hetsika ara-pahasalamana nataon'ny kandida depiote TIM K25 teny Ivandry










POLITIKA

## Avereno aloha ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny fitondrana

Miseho sy milaza amin' ny vahoaka ho eo afovo-any tsy miandany amin' iza na iza ny eo nivon' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, rehefa somary nisy ny fanakianana azy amin' izany andro vitsy lasa izay. Hamerina ny fitokisan'ny vahoaka aminy ve izany tao anatin'izay fotoana maro izay ? Fa moa tsy nihavoakosoka niandalana ny fitokisan' ny vahoaka tamin'ireo Andrimpanjakana telo misy eto amin'ny firenena tamin'ireo tranga maro samihafa hitany sy ren'ny sofiny ? Tao anatin'izay taona maro nifandimby izay, nanom- boka ny taona 2009 no mankaty, dia nikimpin'ny mpitondra na manampahefana ilay fitenenana feno fahendren'ny Ntaolo hoe « Aleo halan'Andriana toy izay halam- bahoaka ». Dia rehefa somary niseho kely to-koa ary ny nahamarina izany, toy ny tranga tany Maroantsetra, ohatra, izay hita ho seriny sy nikoropaka ny rehetra. Noho ny fahaverezan'ny fitokisana ihany anefa izany rehetra izany.

Mila manome modely ny mpitondra, miainga any amin'i Andry Rajoelina sy ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta rehetra tarihin'ny praiministra mbamin'ireo olona rehetra tomponandraikitra eo anivon'ny Andrimpanjakana rehetra tsy misy avahana. Raha tsy miainga any ny maneho fihetsika feno fahendre-na ary mametraka ny tenany ho modely tokoa dia tsy hisy zava-banona eto n'inona n'inona fanentanana atao. Ho vola very sy fotoana lany fotsiny toy izay efa nisy hatrizay. Fa misia, ohatra, iray amin'ireny olona ireny mividy tany midadasika sy manorina tra-no mijoalajoala eto, dia ireny ilay anisany iray mitarika amin'ny tsy fifampitokisana eo amin' ny vahoaka sy ny mpitondra. Fa tsy lasa intso-ny ilay tamin'ny andron-dRatsiraka mifehy kibo lava sy mbola ao anaty tonelina tsy misy fiafaràny, anefa ny mpitondra migalabona sy mianoka amin'ny fiadanana. Tsy mbola faran'ny taona aloha izao, andro Paska, fa raha amin' izany efa maro amin'ireo olona ireo manao fety mandany volabe migalabaona amin' ny fiadanana any ivelany. Ho ezaka mandeha ila ihany ny an'ny fitondrana ary tsy afa-mankaiza, tsy hahalasa lavitra ity firenena ity, raha tsy tafaverina io fifampitokisana eo amin' ny vahoaka sy ny fitondrana io. Hadisoana bevava ny an'ny fitondrana raha manao ambany maso tsy hita izany.

*Sôh'son*

# Sakafo Ny Valosoa



**Saosety sy totom-boanjo** indray no laoka amin' ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo hasiana hena na totonkena koa miaraka aminy raha tiana. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

# NY VALOSOA sy Mahasoa

## Manasitrana ny mivalan-drà sy aretin-kibo ny ratin'akondro

Raha mivalan-drà na marary kibo ny olona iray dia maka ratin'akondro eo ho eo amin'ny indray tanana an'ila eo. Sasana tsara ary ampangotrahina amin'ny rano iray litatra. Atao very sasaka io mba ho menamena tsara ilay rano. Atao rano fisotro ilay ranon'ny ratin' akondro fa ho sitrana vetivety ny marary. Azo asiana sira sy siramamy kely, fatra iray sy valo ( sira iray sotron-dite ho an'ny siramamy valo sotro). Ny ratin' akondro dia ravina akondro efa mainabe ka eo amin'ny vatany matetika no ahitana azy.




# NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Betafo any amin'ny faritra Vakinankaratra

Ny tanànan'i Betafo any amin'ny faritra Vakinankaratra indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Somary avo toerana ihany ity tanàna ity satria 1410 m no haavony miohatra amin'ny ranomasina. Kaominina ambonivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Betafo. 22 km miala an'Antsirabe amin'ny lalana mankany Morondava no misy azy. Ao Betafo no misy ny fiangonana Loterana voalohany najoron'ny Misionera Norveziana teto Madagasikara. Vokatra any ny vary, ahitana mineraly maro koa any an-toerana toy ny londonite, tourmaline, phenakite, liddicoatit, ferrocolumbite, manganotantalite,… 1 km miala ny tanàna no misy ny farihy Tatamarina, ny ranomafanan'i Betafo dia 3 km miala ny tanàna.



## I Korintiana 5: 7

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 130), Madagasikara 21 aprily 2019

***I Korintiana 5: 7 "Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao ianareo, araka izay tsy maha-misy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika."***

Ry olombelona ô! IZAHO JEHOVAH mihitsy no manao FANAMBARANA ho anareo. Tany aloha AHO dia efa nanambara ihany fa tsy voarainareo zanak' olombelona mihitsy izay tiako ho lazaina. Ny atao hoe Paska mihitsy no manjavozavo aminareo, ovànareo ho fetin' ny nofonareo, itadiavanareo fahafinaretana amin' izay mety aminareo. Diso izany, tsy marina izay foroninareo sy ataonareo! Ry olombelona noforoniko ô! Meteza aloha hianareo hanaiky sy manaiky fa misy AHO JEHOVAH, IZAHO no namorona anareo, ny tany misy anareo sy ny lanitra fanantenanareo amin' ny farany. Toy izao no fanontaniako: Mifaly ho an' iza moa hianareo? Manantena an' iza? Ho any amin' inona ary mankaiza ny dianareo? Miafara amin' inona? Ary miaraka amin' iza moa hianareo? Iza no andrasanareo amin' izao fiainanareo izao? Iza no antenainareo hahatsara ny fiainanareo? Ny ho avinareo sy ny ampitsonareo? Tsy fantatrareo ny dikan' ny PASKA!

PASKA =Fanafahana,

- = Fanavotana,
- = Fandresena,
- = Fandrosoana,
- = Fahamarinana,
- = Fitiavana,
- = Fanavaozana,
- = Fitahiana,
- = Fifaliana,
- = Fiombonana,
- = Famonjena,
- = Fahatongavana ao amin' ny Fanjakan' ny Lanitra sy fiainana miaraka amin' i JESOSY;

Tamin' ny andron' i Mosesy sy Arona ary ny Zanak' Israely , fony AHO JEHOVAH namonjy azy ireo tao Egypta nohon' ny fahoriana nataon' i Farao, dia ny Paska no namonjeko ary ny fanavotako no nanafahako azy tamin' izany, **Eksodosy 12: 21** "Dia nampanalain'i Mosesy ny loholon'ny Isiraely rehetra, ka hoy izy taminy: Mandehana hianareo ka makà ondry ho anareo araka ny fokom-pirenenareo avy, ka vonoy ny Paska." Tamin' izany dia ondry no novonoina ka ny ràny no famantarana, **Eksodosy 12: 27** "dia holazainareo hoe: Izao dia famonoana ny Paskan'i Jehovah, Izay nandalo ny tranon'ny Zanak'Isiraely tany Egypta, raha namely ny Egyptiana Izy, fa namonjy ny tao an-tranontsika. Dia niondrika ny olona ka nivavaka." Voavonjy izay nisy rà famantarana, **Eksodosy 12: 43** "Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy sy Arona: Izao no lalàn'ny Paska: Tsy hisy olona hafa firenena hihinana azy." Misy lalàna ny Paska ary tsy maintsy tandremana. Aza adino fa nitandrina sy nanaiky ary nino ny zanak' Israely tamin' ny zavatra rehetra nambaran' i Mosesy. Tamin' izany dia efa mpandresy izy ireo ka dia mora tamin' izy ireo ny fiampitana ny ranomasina mena. **Mpandresy aloha vao niampita, fa tsy hoe: niampita vao mpandresy.** Misy dikany ny atao hoe : Fandresena fa aza ovainareo mihitsy. Izany hoe rehefa tsy manana fifaliana, fiadanana ny olona iray, ny mpianakavy, ny tanàna iray, ny firenena manontolo dia ny Paska no famonjeko anareo. Talohan' ny nahafaty an' i JESOSY fa IZY mihitsy no Paska tsy maintsy hovonoina dia efa niaraka nihinana tamin' ny mpianatra IZY. Izany hoe tamin' izany fotoana izany no nanazavana ny zavatra rehetra, **Marka 14: 22-25** "Ary raha mbola nihinana izy, Jesosy nandray mofo; ka nony efa nisaotra, dia novakiny ka natolony azy ary nataony hoe: Raiso, ity no tenako. Dia nandray kapoaka Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy; ka dia nisotroan'izy rehetra izany. Ary hoy Izy taminy: Ity no rako amin'ny fanekena*, izay alatsaka hamonjy ny maro.[*Na: fanekena vaovao] Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-pihavin'ny andro hisotroako izay vaovao any amin'ny fanjakan' i Jehovah Andriamanitra." Ny tiany hambara dia izao : tsy ilay fanekena izay lalàna intsony fa vakio anie e! **Ny Rà izay an' i JESOSY mihitsy no tsy maintsy alatsaka mba ho famonjena anareo zanak' olombelona, Marka 14: 1-2** "Rehefa indroa andro no sisa tsy hahatongavan'ny Paska, fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia nitady hisambotra an'i Jesosy tamin'ny fitaka ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna mba hamonoany Azy. Nefa hoy izy: Tsy amin'ny andro firavoravoana, fandrao hampitabataba ny vahoaka." Ka na iza na iza manaiky izany ASAKO sy FANEKENA VAOVAO izany dia hiara-monina sy hiaraka AMINY ao amin' ilay FIADANANA dia ilay FANJAKAN' NY LANITRA izany. **Ny Paska dia fiomanana hidirana sy hahatongavana ao amin' ny Fandresena, famonjena, fanafahana ho any amin' ny Fiadanana.** Tandremo ary fa izay rehetra mpandray ny FANASANY dia miomana hanangana ny FANJAKANY; Manao izany va hianareo? Toa TSIA ny fahitako azy. Ny hahatanteraka ilay FANJAKAN' NY LANITRA ambany masoandro dia ny firaisan' ny mino izany FANEKENA VAOVAO izany, izay nambara nanomboka tamin' ny andron' ny Apostoly fa aza ovana velively. Ny fiomananareo tiako hambara dia izao : hangoniko ho iray hianareo ka ny fahitako izao fiainanareo toa resy izao, toa ory sy malahelo tsy tafavoaka izao AHO no tonga ka ekeo. Ny fahavalo anie tsy olombelona e! Fa i "LOSIFERA" izay nivadika TAMIKO JEHOVAH. Tsy afaka aminy hianareo raha tsy IZAHO no miaraka aminareo. **JESOSY irery ihany no Famonjena anareo (PASKA HO ANAREO).** Indro ary ny fanangonako anareo, (ASA LEHIBE, FIFOHAZAM-PANAHY FARANY). Hanomboka ao Madagasikara izany ka miomàna ry Malagasy fa indro izao tontolo izao tsy an-kanavaka efa mikorontana. **Tokana ny vahaolana: JESOSY mandatsaka ny Ràny ho famonjena anareo.** Tsy maintsy tanteraka ny Teny Fikasana. Rahoviana? Ity Paska diavinareo ity no Paska nitovy tamin' ny andro namonoana an' i JESOSY.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY
**Telephone :** 033 12 461 43
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page
**Radio:**
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com):** mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA



*Fa Jehovah no Mpitsara antsika; Jehovah no mpanome lalàna antsika; Jehovah no mpanjakantsika; Izy no hamonjy antsika.*
***Isaia 33:22***

## VATO NALAINA TAMIN'NY "TROITTOIR"

# Natoby eny Antsakaviro ary hanamboarana lalankely avy eo hoy ny CUA



*Ny talen'ny asa vaventy ao anivon'ny CUA.*

Ao Antsakaviro avokoa no itobian'ireo akora izay azo avy amin'ny fanamboarana ireo lalam-pirenena tafiditra ato anatin'ny faripiadidiana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) toy ny: RN2, RN3, RN4, na ireo antsoina hoe"bordures de trottoires": vato tamin'ny sisin-dalana. Araka ny nambaran'ny Talen'ny DTP (Direction des Travaux Publics) avy eo anivon' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Rija RAKOTOMANGA dia hampiasain'ny Kaominina amin'ny tetik'asa fanamboarana ireo lalan-kely sy totohatra eny anivon' ireo fokontany indray ireo 'bordures de trottoires" ireo. Amin'izao fotoana izao dia ireo fokontany ao amin'ny Boriboritany faha-5 sy faha-6 no hisitraka izany tetik' asa izany ary mbola hitohy any amin'ireo Boriboritany hafa manerana ny Renivohitra. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra no mandray antanana tanteraka iza-ny fanamboarana lalan-kely izany, mba ho fitsinjovana ireo mponina any anatin'ireo fokontany. Manentana ireo fokontany izay manana tetik'asa araka izany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, mba hitondra ny fangatahana eny Antsakaviro fa vonona ny handray ny hetahetan'izy ireo ny avy eo anivon'ny Departeman-ta.

***Aly***

## Boriboritany faha-5 (CUA)

# Mitohy ny fanamboarana lalankely avy amin' ny vatona "trottoir"



*Ny fanamboarana lalankely teny Amboditsiry.*

Mitohy hatrany ny fanamboarana lalankely ataon'ny Boriboritany fahadimy kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), amin'ny alalan' ireo vato nalaina tamin' ny sisina "trottoir", nesorina vokatry ny fiarahamiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny Orinasa Colas, tamin'ireo lalampirenena mivoaka ny renivohitra dia ny RN1, RN2, RN4 ary RN7. Lalana mirefy manodidina ny 100m no namboarina nandritra izany teny Amboditsiry avy aty ambany atsinanana, ka hatreny amin' ny Orinasa JB. Izao asa izao no notanterahina mba hahafahana manala ny fahasahiranan'ireo mponina eny an-toerana indrindra fa amin'ny fotoana fihavian'ny orana noho ny fisian'ny fotaka aterak'izany. Koa entanina hatrany ny mponina mba hikajy ireny fotodrafitr'asa iombonana ireny.

***Aly***

## CUA

# Nanadio sy nandoko ny kianja basket-ball sy volley-ball ao Mahamasina



*Ny fandokoana kianja etsy Mahamasina.*

Taorian'ny fetin'ny Paska ny faran'ny herinandro lasa teo dia nanatanteraka fanadiovana sy fandokoana ny kianja filalaovana basket-ball sy volley-ball eny Mahamasina, ny avy eo anivon'ny Sampandraharaha misahana ny kolontsaina sy ny fiainam-piaraha-monina, na DCVC, eo anivon' ny Kaominina Anta- nanarivo Renivohitra (CUA), nanomboka ny 23 ka hatramin'ny 26 aprily 2019 izany asa izany. Nandritra izany dia nisy ny fanapahana ireo bozaka sy lobolobo, nanatsara sy nandoko (marquage) ny toerana filalaovana baolina. Nisy ihany koa fanondrahana rano nataon'ny pompier ary famendrahana fanafody mamono mikraoba nataon'ny Direction de la Santé et Hygiène, na DSH Isotry. Izao hetsika izao no natao dia ho fanatanterahana ny vinandRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao RAVALOMANANA : « Antananarivo soa iombonan'ny Malagasy » ary ho fanomezana hasina ny tanora sy ny fanatanjahantena.

***Lita***

FIFIDIANANA DEPIOTE SY FITSAPANKEVIBAHOAKA HATAMBATRA

## Tsy mbola mety amintsika satria mbola ambany ny fari-pahaizan`ny maro

Samy manana ny fijeriny mikasika ny fikasan`ny fitondrana hampiaraka ho andro iray ny fifidianana solombavambahoaka, sy ny fitsapankevibahoaka, ho fanitsiana ny lalàm-panorenana ny olon-drehetra. Ho an`ny mpampianatra sy mpanabe dia maro amin`izy ireo no miteny fa raha ny fari-pahaizana amampahalalan`ny maro an`isa amin`ny Malagasy ankehitriny no jerena dia tena tsy tokony hatao miaraka ireo . Ny fifidianana teo aloha izay nampiasana biletà tokana aza dia hita fa tena mbola manavia ny maro eny ambanivohitra . Iza no asiana marika ? Ahoana ny famoretana ny biletà ? Hetezana ve ny sarin`ny kandidà tiana hotohanana dia arotsaka ? sns…. Manararaotra ny fahabadoan`ny eny ambanivohitra ny sasany tamin`ireo solontenan`ny kandidà tamin` ireny fifidianana teo aloha ireny, ka dia sahy miteny mivantana amin`ny mpifidy, eo am-panomezana ny biletà, hoe eto asiana marika mantsy ny hitsin`ny sarin`ny kandidà tiany hotohanana. Dia inona ary no ho fifidianana handeha amin` izany ? Tsy ampy fahalalana ny mpifidy maro ka dia azo ahodina mora ny safidiny. Mainka moa raha hisy fifidianana roa miantoana toy izay kasaina hatao ny 27 mey ho avy izao ? Ny fifidianana anankiray aza efa nanahirana ny maro. Be ny mpifidy tsy hahafantatra izay tokony hataony akory sy izay safidy hatolotra azy . Dia vao mainka ho mora ho an`ny mpangala-bato ny manao hosoka sy manova ny safidim-bahoaka amin`ny fifidianana roa miaraka toy izao. Mila fampianarana maharitra ny fifidianana , ho an`ny tsy nianatra sy tsy dia nandia fianarana. Tsy vita iray na roa na telo volana izany fa mila fampianarana maharitra. Mody ny politikam-pitsitsiana no arangarangan` ny mpitondra ankehitriny hanamarinana ny fikasany . Ekena fa tokony hotsitsiana ny vola sy ny fotoana. Saingy amin`ny ataony andavanandro, moa ve tena manome modely sy mitsitsy ny mpitondra, raha tsy hilaza hafa-tsy ny nivoahany tany ivelany in`efatra tao anatin`ny telo volana isika ? Afaka hijoro ve izy ireny ka hanome porofo mivaingana hoe ireto avy no efa zavatra azo , eto an-tanana , tamin`ireny fivoahana matetika ireny ? Azo ambara ihany koa fa tena sasanangy samihafa ny fifidianana sy ny fitsapankevibahoaka ka tsy tokony hampiarahana fa toy ny manao an-tsobika iray ny bitro sy ny akoho raha manao izany. Ary mbola manamafy ny mpanabe maro fa ny nety tany Frantsa, na tany amin`ny firenen-dehibe hafa akory dia tsy voatery ho mety amin`ny firenena an-dalam-pandrosoana toa an`i Madagasikara raha fifidianana no resahina.

***Ny Valosoa***

CAN 2019

## Hiatrika lalao fanomanan-tena miisa 3 ny Barea

Fantatra izao fa hiatrika lalao ara-pirahalahiana miisa 3 ny ekipam-pirenena Malagasy, ny Barean'i Madagasikara, tafiditra amin'ny fanomanan-tena hiatrehana ny CAN 2019 hatao any Egypta afaka roa volana. Ireo lalao ara-pirahalahiana miisa 3 ireo dia ho tanterahana:

-ny 2 jona : Madagasikara # Luxembourg,

-ny 7 jona : Madagasikara # Kenya,

-ny 15 jona : Madagasikara # Mauritanie, lalao hatao any Maraoka.

Fandraisana anjara voalohany ho an'i Madagasikara amin'ny dingana famaranan'ny CAN ity hatrehany hanomboka amin'ny 21 jona any Egypta ity, ka rariny ny hisian'ny fanomanan-tena lehibe toy izao. Vondrona B no misy an'i Madagasikara amin'io dingan'ny famaranan'ny CAN 2019, miaraka amin' i Nigeria, Guinée ary Burundi.

***Lita***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy alefa amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao: nitondra fanazavana momba ireo andalana hasiampanitsiana ny minisitra. Notanisainy daholo ireo lalàna na fehezandalana lazainy fa ahafahana manao an'izany saingy toa iniany:

-tsy vakiana manontolo ny voalazan'ny lalampanorenana momba izany: ny andalana faha-163 dia milaza mazava fa «Ny fahefana manokana (pouvoirs exceptionnels) ananan'ny Filohan'ny Repoblika ao anatin'ny fisehoan-javatra mampihotakotaka (circonstances exceptionnelles) na savorovoro politika dia tsy manome azy ny zo hanao fanitsiana ny Lalàmpanorenana.» Pouvoirs exceptionnels io ananan'ny PRM io (pouvoirs de légiférer) hatramin'ny tsy nisian'ny Députés (lany mandat), noho izany circonstances exceptionnelles no misy eto amintsika izao: TSY ANANAN'NY PRM NY ZO HANAO FANITSIANA NY CONSTITUTION.

-tsy resahana ny amin'ny fanovàna zavontany tian'ny fitondrana hatao: tsy fanitsiana intsony no fahenoana ny zavatra hatao fa efa fanovàna andalana marobe ao anaty lalampanorenana. Ho kitihina ny Art. 54 fanendrena PM, ny Art. 72, ho foanana ny Sénat, hatsangana ny Governora... Andrimpanjakan'ny Repoblika no hezahina ho ravàna, noho izany repoblika vaovao no tian-kajoro eto.

Tsy ilàna constitutionnaliste avo lenta ny mamaky an'izany.

Dia ilaina ampahatsiahiviny indray ve fa ny mpitondra ankehitriny ihany anie no niteraka an'io constitution lazainy fa tsy ahafahany miasa haingana io e !

***Mandroso Randria***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## SARIITATRA : Fanamboarana ny Rova no vahaolana amin'ny fahantran'ny vahoaka




Mpanao gazety mpaka sary Rakotobe

## Fahombiazana ny fampirantiana sary nataony

Fahombiazana ny fampiratiana sary nataon'ny mpanao gazety mpaka sary Rakotobe Michel ny herinandro lasa teo. Nampiranty ireo sary nalainy mifandraika amin'ny tantaram-pirenena tetsy amin'ny CEMDLC Analakely ny mpanao gazety mpaka sary Michel Rakotobe. Hatramin'ny fiafaran'ny hetsika, nahatratra hatramin'ny 900 mahery no nitsidika izany fampirantiana nataony izany. Nitsidika izany, tao ireo mpianatra, ireo ray amandreny, saika sokajin'olona samihafa no nitsidika izao fampirantiana nataon-dRakotobe izao. Sary miisa hatramin'ny 500 isa no naseho tao hatramin'ny sabotsy lasa teo, izay nifantoka tamin'ny tolom-panafahana tamin'ny taona 1947 tamin'ity indray mitoraka ity. Teo koa ireo lahatsoratra samihafa mahakasika izany fanamarihana izany. Ny fampirantiana toy izao dia anisan'ny manampy betsaka ny mpianatra hahalala ny tantara sy ny zavamisy eto amin'ny firenena.

***Aly***



*Maro tokoa ireo mpitsidika, nijery ny fampirantiana nataon-dRakotobe Michel.*

Paka tany Bongolava

## Lehilahy iray no namoy ny ainy teo amin'ny ranon'i Sakay

Nandritra ny alatsinainin'ny Paska tokony ho tamin'ny 11ora antoandro, lehilahy iray 48 taona no namoy ny ainy raha hiampita ny ranon'i Sakay, avy any amin'ny kaominina Maroharina ity lehilahy ity, ka hihazo ny kaominina Mahasolo izao lasan'ny rano izao. Efa mamomamon'ny alikaola izy, ka tsy nety nitondra azy ny lakana fiampitana, ny sarandalana ihany koa nidangana tsy toy ny isan'andro, nikiribiby nilomano ranamana, ka tsy tafita teny ampita akory dia sempotra ary nilentika, ny rano rahateo koa be sy maria. Ny talata teo vao hita ny razana ary efa naka izany ny fianakaviany.

***Serge***



# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**13/04/19 hatramin'ny 20/04/19**

- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 902-04-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TVM SY RNM

# Mpiasa miisa 8 noroahan'ny ministra Lalatiana R.

Mpiasa miisa 8 ao amin'ny TVM sy RNM no noroahan'ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy, tamin'ny alalan'ny tale jeneralin'ny ORTM, Belalahy Jean Yves, ny 5 amin'ireo voaroaka ireo dia mpiasan'ny RNM, ny 3 kosa no mpiasan'ny TVM. Araka ny vaovao voaray noroahina izy ireo noho ny fidirana "Bar", nandritra ny andron'ny Tagnamaro andiany voalohany, ny 30 martsa 2019, no niaingan'ny olana. Taorian'ny asa fanadiovana nataon'ny ministera teny amin'ny hopitaly Mahitsy, dia nisy ampahana mpiasa niditra toeram-pivarotana, tao ny nihinana « composé », nisy nanjifa ranomboakazo, tao koa no nisotro toaka satria efa vita ny asa. Nampangaina faobe ho nisotro toaka sy tsy nanaja lehibe izy ireo, dia niafara tamin'ny fandroahana izao. Noraisina ny anaran'ireo mpiasa 8 ireo nandritra izany ary dia izao noroahana tsy nisy fampitandremana izao. Ny mahagaga anefa, anisan'ny tao amin'io toeram-pivarotana io koa ny mpiasa sasan'ny DSI sy ny DRH ao amin'ny ministera fa tsy nisy voaroaka izy ireo n any iray aza. Ny Tale jeneraly vaovaon'ny ORTM, Belalahy Jean Yves no nanao sonia ny taratasy fandroahana azy ireo, na mbola amperinasa aza ny Tale jeneraly teo aloha Johary Ravoajanahary tamin'ny fotoana nisehoan'ny tranga. Raha ny resaka mandeha dia ny tsy naneken'ity farany nanao sonia ny fandroahana ireo mpiasa ireo no isany nanesorana azy tamin'io andraikitra io. Milaza ireo mpiasa voakasika fa tsy fahadisoana arak'asa (faute professionnelle) no nandroahana azy ireo, ka mihevitra ny hitondra ny raharaha amin'ny sehatra ara-pitsarana izy 8 mianadahy ireo. Ny loharanom-baovao hafa indray manazava fa raha mbola eo ny minisitra dia tsy mbola vita ny iraka notontosaina ka tokony hifanaja. Ankoatra io dia mpiasan'ny ministeran'ny serasera sy ny kolontsaina, amampolony ihany koa no nahazo taratasy fangataham-panazavana (Demande d'Explication) noho ny fahatarana amin'ny fananganan-tsaina, sns...

*Ny Valosoa*

ORTANA

# « Randonnée » any Ambohitrolomahitsy sy Ambohibemasoandro ny sabotsy izao

Any Ambohitrolomahitsy sy Ambohibemasoandro indray no "randonnée" na fizahantany laroina fanatanjahantena dia an-tongotra, karakarain'ny ORTANA, na ny ofisim-paritry ny fizahantany amin' ny faritra Analamanga, ny sabotsy 27 aprily ho avy izao. Ambohitrolomahitsy sy Ambohibemasoandro dia eo amin' ny 40 km eo, any amin' ny faritra avaratra atsinanana miala an'Antananarivo. Ny mpanjaka Andrianampoinimerina no nanome anarana ireo tanàna ireo tamin'izany fotoana izany, noho ny fahazotoan'ny olona tamin'izany niasa, satria efa hariva ny mponina tany vao niala teny an-tsaha. Ireo tanàna ireo koa no niafenan'ny olomasina Jacques Berthieu tamin'ny fotoan' androny, noho ny fanenjehan'ny mpitolona Menalamba azy. Amin'ny 7 ora maraina ireo mpandray anjara no hiainga hihazo an' Ambohitrolomahitsy sy Ambohibemasoandro, ny sabotsy ho avy izao io.

*Aly*

Fitantanam-pirenena

# Tsy mbola tsara toerana ny Mpandraharaha Malagasy


Efa tsara aloha rehefa niezaka namerina ireo mpiasa vehivavy nijaly niasa tany amin'ireo firenena arabo ny fitondrana. Vahaolana vonjimaika ihany anefa ireny, fa ny tena vahaolana fototra dia ny fijerena maika ny fanatsarana ny fari-piainana eto amin'ny firenena, ka tafiditra ao anatin'izay ny karama fivelomana. Raha mbola tsy milamina ny asa iainan'ny mpiasa Malagasy, raha mbola tandindonin'ny fandroahana lava sy ny antsojay amin'ny endriny samihafa ary indrindra ambany ny karama raisiny dia mbola hitohy ihany io toe-javatra io. Vao andro vitsy izao no nahenoina teny amin'ny andavanandrom-piainan'ny vahoaka teny, fa misy Malagasy mandeha antsokosoko mankany amin'ny Nosy Mayotte, fa any tsara lavitra ny karama ary mora mahita. Politika tsy mahomby araka izany ny vonjy tavan'andro fa ny maharitra sy mahomby no ilaina. Ny fanorenana asa ho an'ny olom-pirenena ihany no tokony ho vaindohan-draharaha ataon'ny fitondrana Rajoelina raha tena hampandroso ity firenenaity, ary tsy ny miaramiasa amin'ny vahiny no maika, fa fanomezandanja ny mpandraharaha Malagasy. Tsy tokony ho hita araka izany ny fanasemporana ny orinasa Malagasy na Mpandraharaha Malagasy, fa ny fanampiana azy ireo no tokony ho vaindohan-draharaha, ary tsy misy avakavahana. Izany rahateo no nampisondrotra ny toekarena sy nanandratra ireo firenena maro tany Azia atsimo atsinanana maro. Raha ny mifanohitra amin'izany no ataon'izao fitondrana izao sy ho fomba fiasany dia hihodinkodina fotsiny toy ny vahoak'Israely eto isika Malagasy ary ho resabe fotsiny ihany ireo teny napoapoaka tao anaty fampielezan-kevitra.

*Radafy*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 278**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0277)


***Mitsivalana***

- Tsenanay
- RN
- Kitoatoa
- Soa – (V)av(a)
- Mainty (Miv)
- Rindra (Miv)
- Eny – (L)iona

***Mitsangana***

- Taksibe
- Toy (Miv)
- Entanay
- Ri (Miv)
- Alahady
- M, N, O
- Aroa – In
- Arovany (Miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 278




**Mitsivalana**

**1.** Nahazo zaza **2.** Foibe fiantohana – Aotra – Zava-maniry **3.** Nandefa ivelany – Tsofoka **4.** Piso (BL) – Zava-mahadomelina **5.** Tsy ahitàna loto – Iry, tia (Miv) **6.** Samy lehilahy **7.** Matanjaka – Zava-maniry isan-karazany **8.** Tampisaka – Firenena vahiny (Miv) **9.** Fizaram-potoana (Miv) **10.** Vato fotsy – Mandoro

**Mitsangana**

**A.** Nandrahona tamin'ny basy **B.** Solontena – Faritra **D.** Salama – Rà (Miv) **E.** Hita eo amin'ny fery (Miv) – Mpanoritra anarana **F.** Folo sy folo – Tovona (Miv) **G.** Teny mandràra – Vorona **H.** Akory aby ! **I.** Mpanondro – Toerana Masina **J.** Afa-po ara-tsakafo – Litera mitovy **K.** Marika – Natsahatra

### Valiny Teny mifanaraka 0277

***Mitsivalana***

1 Tsaroanao 2. Vary – Osa 3. Roaka – Ny (Miv) 4. Ny – Iva 5. Nastony – Vy 6. An – Asal(y) 7. Kilasy – Oty 8. Ala – Malaso (Miv) 9. Isalorana 10. Amalona – Fa (Miv)

***Mitsangana***

A. Taranaka B. Milina (Miv) D. Avana – Lasa E. Rakitra – (V)al(a) F. Ora – Solo G. (T)ay – In – Nosy (Miv) H. Avia – Ala I. Ao Sola J. Osy – Vatana K. Familiana (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fampahafantarana ny kandida TIM K25 teny Alasora










Ny fitsidihana teny Anosimahavelona nataon'ny kandida TIM K25 boriborintany faha 4







